# Izay nandro tamin’ny andro zoma tahaky ny fandroana amin’ny Djanaba avy eo nandeha any amin’ny moske, dia ahazo valisoa tahaky ny nanao sorona rameva

Tatitra azo avy tamin'i Abo Horaira (R.A), niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : «Izay nandro tamin’ny andro zoma tahaky ny fandroana amin’ny Djanaba avy eo nandeha any amin’ny moske, dia ahazo valisoa tahaky ny nanao sorona rameva, ary izay nandeha tamin’ny ora faharoa dia tahaky ny nanao sorona omby, ary izay nandeha tamin’ny ora fahatelo dia tahaky ny nanao sorona ondry, ary izay nandeha tamin’ny ora fahaefatra, dia tahaky ny nanome akoho, ary izay nandeha tamin’ny ora fahadimy dia tahaky ny namoaka atody. Ka raha vao tonga ny Imam, dia mandeha maka toerana mihaino ny Khoutba avokoa ireo anjely mihaino ny fampatsiahivana».
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nolazain'ny Mpaminany (S.A.W) amintsika momba ny fahasoavana amin'ny fahatongavana mialoha amin'ny soalat amin'ny zoma, Ny fahatongavana aloha dia manomboka amin'ny fiposahan'ny masoandro ka hatramin'ny fahatongavan'ny imam. Ora dimy izany, ary zaraina araka ny fotoana eo anelanelan’ny fiposahan’ny masoandro mandra-pidiran’ny imam sy hiakarany eny amin’ny ny lampihazo hitondra ny toriteny, ho fizarana dimy : Ny voalohany : Izay manao fandroana feno, toy ny fombafomba fandroana amin'ny fahalotoana lehibe, ary avy eo mankany amin'ny moske misy vavaka Zoma amin'ny ora voalohany, dia toy ny nanao fanomezana rameva izy. Faharoa : Izay mandeha amin’ny ora faharoa dia toy ny nanome omby. Fahatelo : Izay mandeha tamin’ny ora fahatelo, dia toy ny nanaome ondry - ondry lahy - manana tandroka. Fahefatra : Izay mandeha amin’ny ora fahefatra dia toy ny nanome akoho. Fahadimy : Izay mandeha amin’ny ora fahadimy dia toy ny nanome atody. Raha mivoaka hanao toriteny ny imam; Ireo anjely nipetraka teo am-baravarana dia nijanona nanoratra ny anaran'ireo izay niditra tao amin'ny moske voalohany sy ny manaraka azy, ny manaraka azy, ary tonga mihaino ny fampahatsiahivana sy ny toriteny.

النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC
E-Da'wah Committee